Fitorian'ny vondron'ny mpisolovava 2

**Tsy ho afa-maina ireo mpanakorontana ny hetsika fotsy**

Ny Valosoa sy Hadihady 3

**Sarotra ny anatanterahana fifidianana amin'izao toe-draharaha izao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


**Fifidianana, tsy hitondra fila-minana hoy ny KMF/CNOE** 6

**Tsy feno ny fepetra aha-fifidianana ekena sy andraisan'ny rehetra anjara azy**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com


facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 9 novambra 2023 Laharana 1493 Vidiny : 600 Ar


Vondron'ny kandidà. Mahamasina 3


# Nitifitra ny herim-pamoretana nosamborina ny depiote Fetra R.





Ninia ho Frantsay koa ny kandidà Raderanirina 2

# Tokony hatsahatra avy hatrany io fifidianana io hoy i Fanirisoa



dép. 44, Dt. 32/940.

RADERANIRINA (Sendrison Daniela), né le 19-04-1961 à Maintirano (Madagascar), NAT, 1999 × 20053, dép. 94, Dt. 32/941, autorisé à s'appeler légalement RADERANIRINA (Sendrison Daniel).

RASOLONJATOVO, épouse RADERANIRINA (Vololonirina), née le 11-12-1962 à Mahabibo, Majunga (Madagascar), NAT, 1999 × 20052, dép. 94, Dt. 32/942, autorisée à s'appeler légalement RASOLONJATOVO (Vololonirina Lydie).

RADERANIRINA (Sendrison Henintsoa Vololomiangola), née le 15-06-1987 à Tamatave (Madagascar), EFF, 1999 × 20053, dép. 94, Dt. 32/943.

RAMAL (Nakhla), née le 13-01-1956 à Koléa (Algérie), REI, 1999 × 13964, dép. 13, Dt. 32/969.

RAMAMONJISOA (Lalatiana Christian), né le 08-05-1975 à Befelatanana, Tananarive (Madagascar), NAT, 1999 × 20303, dép. 93, Dt. 32/970.

RAMANATHAN (Tharmapalan), né le 29-04-1972 à Jaffna (Ceylan), NAT, 1999 × 20905, dép. 77, Dt. 32/971.

RAMDANE (Ahmed), né le 15-10-1958 à Mohammadia (Algérie), REI, 1999 × 11463, dép. 59, Dt. 32/972.

MOHAMED, épouse RAMDANE (Yamina), née le 09-04-1963 à Dahmouni (Algérie), NAT, 1999 × 11464, dép. 59, Dt. 32/973.

29 août 2000 JOURNAL OFFICIEL DE LA RÉPUBLIQUE FRANÇAISE 13349

Filohan'ny Antenimierampirenena sy FFKM 2

# Andrasana anio ny fanambarana amin'ny fivoriana miaraka amin'ny kandidà



Lanto Rakotomavo 2

# Firenena baranahiny sy tsy refesi-mandidy no misy



**Institut d'Hygiène Social** 6

**Tale iray tsy manaja sy manimbazimba mpiasa**

**Ny Valosoa sy Mahasoa** 5

**Fomba natoraly ho fisorohana ny tsy fahitan-tory**

**Daka kely**

Hita fa ho lany saosy fotsiny ialahy isany amin'ity fifidianana ity ry Boaikely a !

FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA SY FFKM

# Andrasana anio ny fanambarana iombonana amin'ny fivoriana miaraka amin'ny kandidà

Andrasana anio ny fanambarana iombonana mahakasika ny fandaminana ny raharaham-pirenena, amin'ny fivoriana tarihan'ny filohan'ny Antenimieramlpirenena Razanamahasoa Christine, miaraka amin'ny filohampiangoinana ao amin'ny FFKM, ireo ray amandreny ara-drazana, ireo olobe eto amin'ny firenena, ... miaraka amin' ireo kandidà 13 amin'ny fifidianana filohampirenena, na ny solontenany. Tsy nanatrika sy tsy nandefa solontena tamin' izany kosa ny kandidà Andry Rajoelina, sy ny kandidà Raderanirina.



*Ireo anisan'ny nitarika ny dinika teny Tsimbazaza omaly.*


Tao aorian'ny fihaonana omaly, zava-dehibe ny fihaonana toy izao hoy ny solontenan'ny vondron'ny kandidà, izay tsy namboraka ny antsipirian'ny dinika. Nanamafy ihany ko aizy ireo mialohan'izany, fa tsy ekena ny fampiasan-kery ataon'ny mpitandro ny filaminana. Nanamafy izany koa ny filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christrine ary nilaza, fa tsy ara-dalàna ny nisamborana ny depiote Fetra mandritra ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimierampirenena raha tsy mahazo alalana amin'ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny ao amin'ny birao maharitr'ity Andrimpanjakana ity.

**Isambilo**

Ninia ho Frantsay koa ny kandidà Raderanirina

# Tokony hatsahatra avy hatrany io fifidianana io hoy i Fanirisoa

Tokony hatsahatra avy hatrany io fifidianana kasaina hatao amin'ny herinandro io hoy i Fanirisoa Ernaivo. Fantatra ihany koa izao fa ninia naka ny zom-pirenena Frantsay ny kandidà laharana faha-11 Raderanirina Sendrison Daniela. Nilaza ity mpahay lalana monina any ivelany ity fa :" ny candidat Raderanirina Sendrison Daniela dia naturalisé tamin'ny volana août 2000. Araka ny lalàna code de nationalité malagasy loi 60-064 article 42 dia very avy hatrany koa ny zompirenena malagasy, ka tsy mahafeno ny fepetra hilatsaka candidat ho filohampirenena malagasy izy araka ny art 46 constitution malagasy. Ny nationalité par naturalisation dia mahavery ny zompirenena malagasy, fa tsy double nationalité sahala amin'ny olona manana nationalité par filiation, izay hoe avy amin'ny razambeny. Noho izany, tsy manankery io fifidianana io, satria voahitsaka ny lalampanorenana, ka noho i io fait nouveau na tranga vaovao io dia tokony hatsahatra avy hatrany ny fifidianana." Kandidà roa izany no ninia ho vazaha amin'ireo kandidà 13, noho izany dia tokony ho foanana mihitsy io fifidianana io, hirosoana aloha ny fifampidinihana hoy ny maro.



dép. 44, Dt. 32/940.

RADERANIRINA (Sendrison Daniela), né le 19-04-1961 à Maintirano (Madagascar), NAT. 1999 x 20053, dép. 94, Dt. 32/941, autorisé à s'appeler légalement RADERANIRINA (Sendrison Daniel).

RASOLONJATOVO, épouse RADERANIRINA (Vololonirina), née le 11-12-1962 à Mahabibo, Majunga (Madagascar), NAT. 1999 x 20052, dép. 94, Dt. 32/942, autorisée à s'appeler légalement RASOLONJATOVO (Vololonirina Lydie).

RADERANIRINA (Sendrison Henintsoa Vololomiangola), née le 15-06-1987 à Tamatave (Madagascar), EFF. 1999 x 20053, dép. 94, Dt. 32/943.

RAMAL (Nakhla), née le 13-01-1956 à Koléa (Algérie), REI. 1999 x 13964, dép. 13, Dt. 32/969.

RAMAMONJISOA (Lalatiana Christian), né le 08-05-1975 à Befelatanana, Tananarive (Madagascar), NAT. 1999 x 20303, dép. 93, Dt. 32/970.

RAMANATHAN (Tharmapalan), né le 29-04-1972 à Jaffna (Ceylan), NAT. 1999 x 20905, dép. 77, Dt. 32/971.

RAMDANE (Ahmed), né le 15-10-1958 à Mohammadia (Algérie), REI. 1999 x 11463, dép. 59, Dt. 32/972.

MOHAMED, épouse RAMDANE (Yamina), née le 09-04-1963 à Dahmouni (Algérie), NAT. 1999 x 11464, dép. 59, Dt. 32/973.

29 août 2000 JOURNAL OFFICIEL DE LA RÉPUBLIQUE FRANÇAISE 13349

*Ny gazetim-panjakana tany Frantsa milaza fa, ninia naka ny zom-pirenena Frantsay koa ny kandidà Raderanirina.*

**Stefa**

Lanto Rakotomavo

# Firenena baranahiny sy tsy refesi-mandidy no misy

Manoloana ny fampiasankery natao tamin'ny vahoaka nanao hetsika ampilaminana omaly, sy ny fisamborana tamin-kery sy tsy ara-drariny ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, filohan'ny vondrona parlemantera TIM, sady depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5, naneho ny heviny mahakasika izany ny mpanao politika Lanto Rakotomavo : firenena baranahiny sy tsy refesi-mandidy no misy eto ankehitriny hoy izy :"hita hoe efa firenena baranahiny tokoa ny eto amintsika :République bananière. Migorisa any amin'ny fanjakana tsirefesimandidy : Régime totalitaire. Solombavambahoaka anaty session no samborina. Tifirina eny amin'ny tavany ny olona. Efa lasa milisy ve sa mbola mpitandro filaminana ireto ry SEG? Dia hoe hilamina ve? Dia hoe fifidianana ihany hono? Antsoina hihaona mihenahena matahotr'olona, ngaha olondia?" Tsy niraharaha ny antso nataon'ny FFKM sy ny filohan'ny Antenimierampirenena omaly tokoa ny mpomba an-dRajoelina, araka ny antso nataon'izy ireo anefa, raha tsy afaka ny kandidà dia afaka mandefa solontena roa, tsy nisy na solontena aza nalefan'ny kandidà Rajoelina. Tsy mivonona ho amin'ny fandaminana izao olana miseho lany eto amin'ny firenena izao izy ireo.



*Ny mpanao politika Lanto Rakotomavo.*

**Stefa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitorian'ny vondron'ny mpisolovava

### Tsy tokony ho afa-maina ireo mpanakorontana ny hetsika fotsy

Tsy azo ekena raha mihantona tsy misy n'inona n'inona tsy hisy tohiny ny fitoriana nataon'ireo vondron'ny mpisolovava, mitatitra ny habibian'ireo zandary « barbares » tamin'ny vahoaka ny sabotsy 04 Novambra lasa teo teto an-drenivohitra. Aoka hisy fanapahan-kevitra raisina raha avelan'ny Fitsarana hangingina iny raharaha iny. Raharahana habibiana sy herisetra vitan'ny zandary tsy azo leferina velively ireny nitranga ireny. Na ny sonegaly mahazo baiko aza tsy manao ireny, hoy ny olom-pirenena nahita ny nitranga. Izany hoe, efa tena tsy hita intsony izay hamaritana sy iantsoana ireto zandary sy polisy ireto amin'izao fotoana izao, fa efa tena lasa lavitra noho izay noheverina sy fantatra ara-tantara amin'ny habibiana sy herisetra raha resaka mpitandro filaminana manoloana vahoaka midina milahatra an-dalambe. Tsy mbola nisy nahavita toy izao ataon'ireto ankehitriny izao ireo andiana zandary hatramin'izay nisiana hetsi-bahoaka izay, fa tena hafa mihitsy ireto amin'izao fotoana ireto.

Araka ny fanadihadiana sy famakafakana samihafa, dia fantatra ihany ny rangory fototry afo sy tena fositra mahatonga izao zava-mitranga mamoa-doza eto amin'ny firenena izao. Fantatra ny atidohan'izao habibiana eto amin'ny firenena izao, izay misy mpanao politika. Misy koa aza ny zava-nitranga nampihoron-koditra ny alatsinainy teo, tamin'ny fampiasana andian'olona "gros bras", na milisy, teny amin'ny faritra Antanimena iny hifofo ny ain'ireo kandidà, raha ny voalaza, ary hanakorontana ny vahoaka manao hetsika fotsy. Ny nanaitra ny sain'ny maro ny nandre fa, vao tonga ireo dia niàla ny zandary. Misy antony lehibe ao ambadik'izany. Raharaha tsy avela handehandeha ho azy amin'izao izany rehetra. Fantatra moa ireo andian'olona ireo, ary misy aza koa voasambotra teny Mahamasina omaly alarobia atoandro, izay saika mbola hanakorontana ny hetsika fotsy ihany. Heverina fa efa hisy ny fanadihadiana sy antontan-taratasy raketina momba azy ireo ary hivoaka amin'ny fotoana ilàna azy ny raharaham-pitsarana izay tokony handeha amin'ny ara-dalàna tsy misy fitanilàna.

Mahabe fanantenana ny hetsika, amin'ny fanangonana ireo sarin'ireo zandary nihetraketraka nanao herisetra sy nandratra sy namono mihitsy aza ny Malagasy mpiray tanindrazana aminy ihany, sy ny fanaovana ny antontan-taratasy fitoriana azy ireo. Aoka hohafainganina ny asa amin'izany. Ny fandraketina an-tsary sy an-tantara ihany koa hipetraka ho tantaram-pirenena, mba ho fantatry ny taranaka fara aman-dimby hoe izao ny olona fositr'ity firenena ity ary fahavalom-pirenena ny taona 2023 sy izay ho tohiny, ary iza ny olom-pirenena sy vahoaka niaro ny firenena sy ny fiandrianam-pirenena noho ny fitiavan-tanindrazana marina.

**Sôh'son**


## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andrianina R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Sarotra ny anatanterahana fifidianana amin'izao toe-draharaha izao

Tonga eo amin'ny kihon-dàlana iray tsy azo iverenana intsony ny toe-draharaha politika eto amin'ny Firenena. Aty Madagasikara daholo indray ny mason'izao tontolo izao. Niaraha nahalala fa maro dia maro ny fanambarana nataon'ireo fikambanana isan-tokony teto amin'ny Firenena izay manameloka izao fihetsika ataon'ny eo amin'ny fitondrana manoloana ny Hetsika Fotsy tarihan'ny Vondron'ny Kandidà izao. Angamba mety ho sarotra ho an'ireo fikambanana ireo ny hidina hanatevin-daharana ny hetsika satria tsy mbola hita teny an-kianja aloha izy ireo. Niaraha niaina ny niakaran'ireo sendika teny amin'ny Kianjan'ny 13 mey raha nanohana ny hetsiky ny depiote 73 ny volana aprily 2018. Samy manameloka ny zava-misy ara-politika izao avokoa ny sendika, toy ny Sendikan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra (Seces), sy ny Sendikan'ny mpampianatra eny ambaratonga fototra ary ny Randrana Sendika sns,… Na izany na tsy izany dia samy manao ezaka ihany koa ny fikambanana samihafa ny hisian'ny fikaonan-doham-pirenena handraisan'ny hery velona rehetra anjara manoloana ny fisisihan'ny fitondran'ny zaza navelan'i Andry Nirina Rajoelina hanao fifidianana, izay sarotra ny fanatanterahana azy raha amin'izao toe-draharaha iainana amin'izao fotoana izao. Efa niantso ny fanatanterahana izany fikaonandoha izany ny Fivondronana'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ary raha ny tranga omaly alarobia dia nampiantson'ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Vondron'ny Kandidà 10 niaraka tamin'ireo manamboninahitra jeneraly misotro rorono sy Praiminisitra teo aloha ary profesora vitsivitsy. Raha ny zavatra niainana teto amin'ny Firenena momba ny fandaminana ny savorovoro politika dia samy hafa ny làlana nizorana tamin'izy ireny. Amin'ny ankapobeny dia nitondra fitoniana sy niafara tamin'ny fifandaminana sy fifanarahana ihany ireo fikaonan-doha ireo. Ny taona 1991 dia nisy krizy politika henjana dia henjana teto Madagasikara satria nisy ny aina nafoy ary niaraha-niaina ny naneren'ny jeneraly minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'izany fotoana izany, ireo mpifanandrina ara-politika nivory nikaton-trano teny amin'ny Hôtel Panorama ary tsy nahazo nivoaka tao raha tsy nahita marimaritra niraisana. Ny taona 2002 dia nifanolanana ny voka-pifidianana navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay nanambara fa nisy ny fihodinana faharoa. Niaraha- nahatadidy fa tsy vita teto antoerana ny fandaminana, ka voatery tany amin'ny firenena afrikana vao nilamina ny toe-draharaha. Torak'izany koa tamin'ny taona 2009 taorian'ny fanonganam-pajakana, ka firenena roa na telo no notetezina vao azo lazaina fa nilamindamina ny toe-draharaha ary nivoaka tamin'izany ny Tondro Zotra teo amin'ny fitantanana ny Firenena. Tsy nampihatra izany anefa Andry Nirina Rajoelina nandritra ny tetezamita izay naharitra dimy taona. Tsy misy afaka mandà fa nanjaka tokana Andry Nirina Rajoelina sy ny niaradia taminy, ka ireo mba sahy nanohitra ny fitondrany dia nodarohana sy nandefasana baomba mandatsa-dranomaso ihany koa. Amin'izao fotoana mialohan'ny fifidianana sy fanaovana fampielezankevitra izao dia mitatao eto amin'ny Firenena ny loza satria mahatsapa ny rehetra fa tsy ara-dalàna sy tsy manara-penitra ny fanatanterahana izao fifidianana izao kanefa dia misisika sy manao amboletra ny mpitondra tsy ara-dalàna mitantana ny Firenena. Nihaona tamin'ny Filohan'ny Antenimirampirenena ny Vondron'ny Kandidà 10 omaly atoandro nialohan'ny nandehanany teny anoloan'ny Kianjaben'i Mahamasina nihaona tamin'ireo vahoaka tia Tanindrazana. Tsy mbola nisy nipîka moa izay vokatry ny dinika teny Tsimbazaza izany fa miandry. Azo inoana kosa fa tohin'ny fitadiavana vahaolana momba izao krizy politika misy eto amin'ny Firenena izao no anton'ny fihaonana. Tsy tonga anefa ireo kandidà 2 nisafidy ny hizotra any amin'ny fifidianana. Tsy voalohany izao fizirizirina tsy manaiky fifandaminana izao ka heverina fa raha olona iray na roa no tsy te-hihavana sy tsy tehifandamina dia efa afaka adidy ireo raiaman-dreny ara-panahy sy ny Filohana andrim-panjakana ary hery velona isan-tokony, ka handray andraikitra mifanandrify amin'izany. Tsy azo ekena intsony koa raha mbola ny vondrona iraisam-pirenena indray no ekena hitondra vahaolana satria fanitsakitsahana ny Fiandrianam-pirenena izany. "Izay tsy miady hono olombodo fa izay to-fo mpamosavy". Azo lazaina fa tsy mamosavy ny vahoaka Malagasy fotsiny ireto kandidà tsy mety hifampidinika ireto fa tena mpamadika Tanindrazana ihany koa.


***Andry Tsiavalona***

**VONDRON'NY KANDIDÀ. MAHAMASINA**

# Nitifitra ny herim-pamoretana, nosamborina ny depiote Fetra R.

Efa tena tafahoatra ny herisetra ataon'ny herim-pamoretan'ny fitondrana amin'izao, manoloana ny hetsika am-pilaminana ataon'ny vondron'ny kandidà mitaky fifidianana madio, mangaraharaha sy eken'ny rehetra ary fiverenana amin'ny fanjakana tan-dalàna tetsy Mahamasina omaly. Nandefa baomba mandatsa-dranomaso, nitifitra, nanao herisetra tamin'ny olona teny an-toerana ireo herim-pamoretana ireo. Nisy noho izany ny olona naratra, anisan'izany ny lehilahy iray voatifitra teo amin'ny takolany, loaka mihitsy ny tarehan'izany olona izany. Nosamborin'izy ireo tamin-kerisetra ihany koa ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, depiote TIM ao amin'ny Boriboritany faha-5, sady filohan'ny Vondrona Parlemantera Tiako i Madagasikara. Efa nahazo fitsaboana ny naratra. Ny depiote kosa dia eny Fiadanana no tazonina ary marary noho ny daroka tamin'ny fisamborana natao azy, nambaran'ireo tompon'andraikitra fa tsy misy mahazo mitsidika azy. Ny Mpitsabo iray ihany no neken'ny zandary hiditra ao amin'ny Tobiny na dia maro aza ireo hitsidika an'ny Solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona. Na dia nandresy lahatra mba hihaona aminy aza ireo depiote namany sy loholona ary Kandidà filoham-pirenena dia tsy nanaiky an'izany ny Kolonely Tojo izay nifampiresaka tamin'izy ireo teo amin'ny vavahady. Tsy nisy nahazo niditra araka izany ankoatran'ilay mpitsabo iray eny na ny fianakaviany aza. Tsiahivina, niteny mahery an'ity Kolonely ity noho ny faharatran'ny vehivavy iray vokatry ny baomba mandatsa-dranomaso ny Solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona teny Antaninandro ny sabotsy 04 novambra teo. Na eo aza izany herisetra sy antsojay ataon'ny herim-pamoretana izany, mitohy ihany ny hetsiky ny vondron'ny kandidà, eny amin'ny Rond Point Ambatomaity indray ny fotoana anio amin'ny 11 ora.

***Stefa***



*Ny fisamborana niaro herisetra natao tamin'ny depiote Fetra tetsy Mahamasina.*

**MANAMBONINAHITRA FOLOALINDAHY SY POLISY**

# Tonga ny fotoana hanaovana ''action'', nanao fanambarana maika

Araka ny fanambarana niparitaka tamin'ny facebook hatramin'ny omaly : nisy indray manamboninahitra amin'ny foloalindahy sy polisy nanao fanambarana maika. Tonga ny fotoana hanaovana ''action'' hoy izy ireo : ''Marina fa nifanaiky isika ny hiandry ny fanapahankevitra ara-politika tarihan'i PAN sy ny Vondrona iraisam-pirenena, sao mba hamaha olana. Tsy manakana ny hidirantsika amin'ny dingana manaraka anefa ny zava-nitranga androany ry Zalahy.



*Olona voatifitry ny herim-pamoretana omaly tetsy Mahamasina.*

1/ Satria, manoloana ny fampiasan-kery amin'ny vahoaka malagasy an-tanampolo, ka nampiasana fitaom-piadiana, nahatonga faharatrana mafy, mety hitarika amin'ny fahafatesana. Ny fisiana balle, na "arme de guerre" manoloana ireo vahoaka malagasy sy ireo candidats izay mety ho filoham-pirenena malagasy, dia manamarina ny famonoana ny malagasy sy fikasana hamono candidat. Efa niala nenina sy nanome chance ny commandement isika ry zalah, afaka adidy isika, mikiakiaka ny vahoaka. Koa miantso antsika namana, Tafika, zandary, Polisy izay efa samy mahalala ny toerana sy ny zavatra hatao avy. Aoka hanatanteraka ireo consignes efa nifanomezana isika.

2/ Antso sy baiko, miverena miandry camp daholo isika.

3/ efa nolazaina isika, hoe zarao ny indemnité, fa aoka samy tsy hisy hivoaka intsony, raha resaka M.O. ataon'ny zandary manana toetra- na Jiolahimboto, mba hisorohana ny fifandonana amintsika samy isika izay mbola mitana ny éthique et déontologie ny Miaramila.

4/ ireo izay efa voantendry hamonjy ny étatsmajor ny Tafika, ny zandary, dia aoka hifampiantso, ka samy hamonjy izany araka ny fandaminana nifanomezana. Tsy misy kiafinafina intsony ity. Tsarovy fa manao mety ho maty, tsy manao ho faty ihany, fa tsara kokoa ny ho faty ho an'ny Taranaka. Tonga ny fotoana hanaovana ny "action" ry malagasy, ka mila ny fiaraha-mientana amintsika olom-pirenena izay, fa ny 1 no tonga 2, ny 2 tonga 3... "izay mivadika ketrakila", ny tatara no hitsara.

***Ho an'ny Tanindrazana.***

## TONONKALO

### TSY HISY FIFIDIANANA ETO

Tsy hisy fifidianana eto n'inona n'inona holazaina,
Raha izay mbola herisetra sy habibiana no ampiasaina .
Tsy izany velively no hampangina ny vahoaka,
Efa feno ny hatezerany ka manomboka mipoaka !

Tsy hisy fifidianana eto n'inona n'inona holazaina,
Raha misy kandidà potehina sy ankahalaina.
Tsy izany velively no hampisy fitoniana,
Fa vao mainka hampitombo ny ady sy fifandrafiana !

Tsy hisy fifidianana eto n'inona n'inona hambara,
Raha fitanilàna hatrany no ataon'ireo mpitsara,
Fa mitady loza ireo no sady hahita raharaha
Raha toa mikiry ny hampandany ity ilay kandidà vazaha !

Tsy hisy fifidianana eto n'inona n'inona hambara,
Raha vazaha no mbola asesika sady avela handray anjara.
Tsisy resaka amboamboarina, ampiharo ny lalàna,
Tsy vazaha fa malagasy no hany ekena handray fiaingàna !

*TSIMIMALO (07-11-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonan'ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny filoham-pianbgonana ao amin'ny FFKM tamin'ireo kandidà, na ny solontenany teny Tsimbazaza omaly. Tsy nisy solontena kosa ny N°3 sy ny N°11.**

















## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary miakanjo akanjo voafafy rà Izy; ary ny anarany atao hoe: Ny tenin'Andriamanitra."*

***Apokalypsy 19:13***

### Tournoi Basket FIBA 3x3 Game On

# Any Toamasina amin'ny sabotsy sy alahady izao

Ho tanterahina eo amin'ny amin'ny kianja « terrain spécial 3x3 » eo amin'ny Esplanade anoloan'ny Lapan'ny Tanànan'i Toamasina Faritra Atsinanana amin'ny sabotsy 11 sy alahady 12 novambra 2023 izao ny hetsika basikety « Tournoi FIBA 3x3 Game On " izay ho eo ambany fiahian'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball" ary ho karakarain'ny ligim-paritry ny basikety baolina Atsinanana miaraka amin'ny Kaominina andrenivohitr'i Toamasina sy ho tohanana'ny Telma Madagascar sy MVola. Natokana hoan'ny sokajy U17 Zatovolahy sy OPEN Lahy sy OPEN Vavy Ary Vétéran Lahy sy Vétéran Vavy izy ity izay hiaraka amin'ny fanetsiketsehana samihafa, varotra fampirantiana sy « Concours Dunk » ary « Shoot...Shows ». Afaka miantso ny laharana 034 26 385 23 ( Azzedine ) izay liana handray anjara amin'ny hetsika.



***Basikety 3x3 Malagasy.***

***Rainilita***

### Ekipam-pokontany Fc Copain Alarobia

# Mankalaza ny faha-18 taona niorenany

Mankalaza ny faha-18 taona niorenany amin'ity taona ity ny ekipam-pokontanin'ny baolina kitra Fc Copain Alarobia izay efa namoaka sangany amin'ny baolina kitra hatrany ampitan-dranomasina any ka manerana an'ireo ekipa sangany eto amin'ny nosy. Nambarandry zareo tamin'ny alalan'ny valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety nataony teny amin'ny foiben' ny Airtel eny Alarobia/ Ivandry tamin'ny talata 06 novambra teo fa hikarakara lalao baolina kitra ho lalaovin'olona 7 « Tournoi Open » sokajy sénior eny amin'ny kianjan' ny « Travaux publiques Alarobia » isaky ny alahady amin'ny 7 ora maraina ka hatramin'ny 4 ora tolakandro manomboka amin'ny . alahady 12 novambra ho avy izao ka tsy hifarana raha tsy any amin' ny volana janoary 2024. Hiara-misalahy amin'izy ireo amin'ny fikarakaranan' ity hetsika ity ny orinasa Airtel Madagascar izay niaraka tamin'izy ireo teo amin' ity valandresaka ity ka hanolotra amboara hoan'iroe ekipa hanao ny lalao famaranana ary hanome Tee-shirt ihany koa. Mbola hisy ihany koa omby tena mifahy hatolotra izay ekipa ho mpandresy amin' io famaranana io ary ondry kosa hoan'ny ekipa resy. Vinavinain'ny Fc Copain hatrany amin' ny ekipa mahatratra 64 isa manerana an'Antananarivo sy ny manodidina no handray anjara amin' ity fifaninanana ity ka ny antsasa-manila no efa feno hatramin'izao . Nambaran' Atoa Rakotondramiara Hasina, filoha amperisan'ny Fc Copain fa ho 10.000 ar ny « droit d'engagement » amin'ity fifaninanana ity ary hisy koa fandoavana « droit de match » isaky ny milalao.



***Fc Copain sy Airtel teny Alarobia/Ivandry.***

***Rainilita***

### Karaté-do

# Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy ny ligim-paritra Menabe



***Fananganana ligim-paritry ny karaté tany Menabe.***

Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny zoma 03 novambra 2023 lasa teo, ny Ligim-paritry ny taranja Karaté-do any Menabe, izay ho tarihan'Andriamatoa Rafidison Fidèle. Nitarika ny lanonana tsotra fanokafana an'izany ny filohan' ny FMK notrononin'ny solontenan'ny MJS. Tao anatin'izany lanonana izany dia nisy ny fanomezana fiofanana an'ireo mpiangaly karaté nomen' ireo mpampiofana maro, niaraka tamin'ny filohan'ny federasiona mba hoentina hampiakarana ny lentan'ity taranja ity eny ifotony.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anandrano** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny omby na henakisoa. Atao ritra izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly ho fisorohana ny tsy fahitan-tory

Fomba natoraly ho fisorohana ny tsy fahitan-tory indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tsy fahampian'ny calcium sy magnésium amin'ny vatana dia miteraka tsy fahitana torimaso matetika. Indraindray ihany koa volivoly na rantsan-tanana na ny tongotra.

Zavatra atao :

Akondro : akondro iray mavo tsara tetehina boribory dia alona anaty rano 1vera amin'ny alina ary ny maraina sotroina, ilay vao mifoha iny mihitsy. Atao mandritra ny 10 andro.


Ao ihany koa ny hoditr'akondro 1, ampangotrahina amin'ny rano roa vera izy dia sotroina ilay rano alohan'ny hatory mihitsy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antenina distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Antenina distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antenina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Antenina.



Institut d'Hygiène Social

# Tale iray tsy manaja sy manimbazimba mpiasa

Naneho ny alahelony sy ny fitarainany noho ny fanamparam-pahefana ataona tale iray ao amin'ny Institut d'Hygiène Social Analakely ireo mpiasa, dia fanambaniana olona ataon' ny ny tale DSFA ao amin' izany toeram-pitsaboana izany. Nanao fitokonana izy ireo noho izany. Araka ny fanambaran'ireo mpiasa :"tsy hoe manana birao sy seza ianao ka manosihosy sy manimbazimba ny madinika. Ary tsy hoe mangina tsy miteny sy manaja anao akory ny olona dia hotsindrinao sy hisehoanao milay, fa mba asio fifanajana ny fisainana, fa tsy fantatrao ny ao ambadiky ny olona tsirairay.'' Raha ny sora-baventy manoloana ny Institut dia manakisoa mpiara-miasa izany tale izany, ka tsy azo ekena hoy izy ireo.

*Niaina*



*Sora-baventy nanoloana ny Institut d'Hygiène Social.*

Fifidianana, tsy hitondra filaminana hoy ny KMF/CNOE

# Tsy feno ny fepetra aha-fifidianana ekena sy andraisan' ny rehetra anjara azy

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly tetsy Antanimena ny avy amin'ny KMF/CNOE na ny Komity Mpanara-maso ny fifidianana notarihan'ny filohany : Robert Namearison, mahakasika ny raharaham-pirenena sy ny fifidianana kasaina hatao eto amintsika :"volan-kankafotra, omaly tsy miova ihany hoy izy ireo io fifidianana kasaina hatao io. Ny KMF/CNOE-Fanabeazana olompirenena izay manara-maso ny fiainampirenena, mijery sy mihaino ary mandalina ny tranga dia miainga amin' ny porofo avy amin'ireo mpikambana eny ifotony manerana ny Nosy. Asehony amin'ny alalan'ny tatitra, tolokevitra, fanairana na «interpellation», fanabeazana ary fanjohiana izany fanaraha-maso ny toe-draharaham-pirenena izany. Ny iantefan'ny fanaraha-maso dia ny ankolafinkery samihafa izay mandray anjara amin'ny raharaha mahakasika ny daholobe , ny tontolo politika, ny haino vaky jery sy ny tambazotra sosialy, ny fivoriana, ny fanentanana ankalamanjana, ny fitsidihana tokantrano, ny fampisehoana, ny fizarana fampahafantarana an-taratasy, ny fiangonana, ny firaisamonim-pirenena, ny mpiasa birao sy ny mpiasam-panjakana ary indrindra ny olompirenena.

Miabo : nisongadina ny fahavitan'ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy, ny famoahana ireo didy fanapahana dimy mahakasika ny fifidianana Filohampirenena. Hita fa telo ny kandida manatanteraka ny fampielezankevitra hampandany ny tenany, nivoaka ara-potoana ny lisitry ny birao fandantsaham-bato, mipetraka ireo toerana hametahana afisy , manao ny asa fanentanana sy fanabeazana ny olompirenena ny fikambanana sasany toa ny KMF/CNOE-Fanabeazana olompirenena sy ny hafa, andalam-pizarana ny karapifidianana sy ny fitsinjarana ny fitaovana hampiasaina amin'ny fifidianana.

Miiba : maso miara-mahita isika fa miha-very hasina sy tsy atokisana ny andrimpanjakana, porofon'izany, niteraka ady hevitra sy fanoherana ny fanendrena ny rafitra hitantana ny firenena. Tsy nisy famaranana tamin'ny fomba ofisialy ny «refonte» satria mbola nisy fikitihana ny lisitry ny mpifidy toa ny fanadiovana, fangatahana nalefa teny amin'ny fitsarana taorian'ny filazana ny vokatra farany nataon'ny CENI. Tsy ampy ny fanazavana ireo fanapahana noraisin'ny Fitsarana avo ny lalampanorenana (HCC), ka mahazo laka ny fandikana na «interprétation» politika. Tsy nampiasa ny haino vaky jery loatra ny CENI fa nirona amin'ny fantsona ara-drafitra ka tsy manana vaovao marimpototra ny olompirenena, indrindra ny amin'ny faritra izay mihaino kokoa ny onjampeom-paritra. Tsy ampy ny fanabeazana sy fanaikana ny mpifidy ataon'ny CENI eny amin' ny haino vaky jery indrindra any amin'ny Faritra ivelan'Antananarivo, fa toavalin-kafatra tamin'ireo fanakianana nahazo azy ireo fotsiny no hafatra nampintainy. Zava-misy amin'izao fotoana izao : mihendanja sy miharatsy kalitao ny fampielezan-kevitra. Kandida folo manohitra ny hanatanterahana ny fifidianana, fa mitaky fanavaozana ara-drafitra sy fandaminana. Tsy matoky ny andrimpanjakana (HCC, CENI, Governemanta) izay mijoro izy ireo sy ny mpanara-dia azy. Tsapa fa tery ny fahafahana maneho hevitra indrindra fa eny anivon'ny faritra ivelan'ny Renivohitra. Manameloka tanteraka ny fandratrana ny olompirenena ny fikambanana. Amin' izao fampielezan-kevitra izao, mahazo laka : -ny fizarana mety manohintohina ny fahafahan'ny tsirairay hisafidy toa ny vola sy ny fanampiana ara-pitaovana, koveta, moto, fiara sns… ary fanaovana ramatahora ny mpiasampanjakana madinika, indrindra eo amin'ny fampianarana; -ny fanovàna ny fiaram-panjakana ho "plaque noire" hampiasaina hanaovana fampielezankevitra. "Fanolorana zava-bita" tahaka ny fotodrafitrasa, jiro, karatany… izay nasolo ny voambolana "fitokanana"; -fanaovan'ireo solontenam-panjakana sy ireo mpiasampanjakana ambony ary olomboantendry fampielezankevitra mivantana na ankolaka, indrindra any ivelan'ny tanàn-dehibe. Miara-mahita isika fa zara fa misy ireo afisy eny amin'ny toerana natokana ho amin'izany nefa ahitana koa amin'ny toerankafa. Manimbazimba ny fahafahan'ny tsirairay sy manitsaka ny andininy faha-13 amin'ny lalampanorenana ny fampiasana ilay "logiciel" fitsikilovana : "PREDATOR". Misoko mora koa ny fandraisana ho mpikambana izay ahiana ho fividianana na fanerena ankolaka ataon'ny antoko TGV hatreny amin' ny biraom-panjakana. Mampametra-panontaniana ihany koa ny amin' ny fifandraisan'izany amin' ny fizarana karatra mpifidy nataon'ny CENI. Mangina tanteraka ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana manoloana ireo fikambanana voafehin'ny "Ordonnance 60-133" mirotsaka mivantana manao fampielezankevitra manohana kandida. Eo anatrehan'izany, mihevitra ny fikambanana KMF/CNOE-Fanabezana Olompirenena fa: Tsy feno ny fepetra aha-fifidianana ekena sy andraisan'ny rehetra anjara ka hitondra filaminana. Maro ireo didy aman-dalàna tsy maharaka ny toetrandro intsony, ka vao maika manasarotra ny toe-draharaha toa ny "ordonnance 60" mahabe resaka ankehitriny. Izao fampielezankevitra ho amin'ny fifidianana sy tolona manohitra fifidianana amin'ny endriny ankehitriny izao dia miteraka fivakisana (amin' ny tontolo politika, haino vaky jery, fiarahamonim-pirenena, olompirenena sy ny fiarahamonina), ka ahiana hanjaka ny fifandrafesana sy ny ady lahy politika.''


*Ny filohan'ny KMF/CNOE.*

*Nangonin'Isambilo*

Komity mpanara-maso ny fitsipi-pitondrantenan' ny antoko politika

# Manameloka ny fampiasana tsy ara-drariny ny mpitandro filaminana

Nanao fanambarana ihany koa omaly ny Komity mpanara-maso ny fitsipi-pitondrantenan'ny antoko politika mahakasika ny toe-draharaha mafana eto amin'ny ankehitriny. Manameloka ny fampiasana tsy ara-drariny ny mpitandro filaminana izy ireo. Ankoatra izany, mandresy lahatra ny mpisehatra hiroso amin'ny fiaraha-midika an-databatra boribory ny komity mpanara-maso ny fitsipi-pitondrantenan'ny antoko politika ity. Miantso koa izy ireo ny hisian'ny fanajana ny lalàna toy ny fahalalahana maneho hevitra, sy manao hetsika samihafa. Voaresaka koa ny fitaomana, ny fiantsoana ary fandresen-dahatra ny hirosoana amin'ny fihaonana andatabatra boribory handinihina ny fanatanterahana ny fifidianana, ka ho eken'ny rehetra ary fifidianana madio.

*Niaina*



*Ireo ao amin'ny Komity mpanara-maso ny fitsipi-pitondrantenan' ny antoko politika.*

Misaona indray ny fanatanjahantena Malagasy

# Nodimandry tamin'ity herinandro ity Maitre Rabibisoa Nicodème

Misaona indray Misaona indray ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy fa nodimandry tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity ny mpanao judo, Maître Nicodem Rabibisoa Tepana Mainty, 5 ème dan. Nanomboka nilalao judo tany Toliara izy, avy eo tany Fianarantsoa ary nitondra fampandrosoana ny judo tany amin'ny Faritr'Ihorombe sy Matsiatra Ambony ary Amoron'i Mania ihany koa ka niandraikitra ny asana mpanazatra, filohana ligy sy Ctr tamin'izany. Imbetsaka ihany koa i Maître Nicodem Rabibisoa no voahosotra ho tompondakan'ny judo tany amin'ny Faritra Atsimo sy ho tompondakan'i Madagasikara ary efa nandrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy imbetsaka koa izy. Mirary fio- nonana feno hoan'ny ankohonany sy ny fianakaviany manontolo ary ireo havany akaiky rehetra azy, sy ny tontolon'ny taranja judo manokana ary ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy amin' ny ankapobeny, izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

*Rainilita*


*I Maître Nicodème Rabibisoa fony fahavelony.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/11/2023 hatramin'ny 11/11/2023**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 54032/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1493-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Mila jerena ifotony ny seha-pampianarana sy fanofanana eto amintsika

Eo amin'ny sehatry ny fampianarana, dia voakiana matetika ny mpampianatra, indrindra tato anatin'ny taona 10 farany fa tsy ampy traikefa izy ireo, hany ka misy fiantraikany any amin'ny haavo lentam-pahaizan'ny mpianatra izany. Ireo mpampianatra Fram no tena lasibatra ao anatin'izany. Ny zava-misy tokoa aloha, dia nihendanja tanteraka ary nikorosy hatrany izay lentam-pahaizan'ny mpianatra izay, ary tsikaritra mazava izany rehefa amin'ny fotoana fitsarana fanadinampanjakana samihafa ireny. Miha bado ny zaza malagasy amin'ny ankapobeny amin'izao fotoana izao raha araka izany. Eny anivon'ny seha-pampianarana ankapobeny no tena hita miharihary izany lesoka be izany, kanefa miseho ihany koa izany any amin'ny sehatra hafa mifandraika amin'izany toy ny seha-panofanana. Anisan'ny nanaitra ny sain'ny olom-pirenena, ny ankamaroany, dia tohina avokoa tamin'ny fihetsika mamohehitra nataon'ny zandary sy polisy sasany ny sabotsy 04 Novambra lasa teo. Avy ny sain'ny maro dia nitodika tany amin'ny toeram-panofanana niaviana sy nivoahan'izy ireny. Tomponandraikitra voalohany amin'izany ireo mpanofana azy ireo nandritry ny taona maro na tany amin'ny zandary na tany amin'ny polisim-pirenena. Toy ny any amin'ny sekoly fampianarana ankapobeny, nanakianana ny mpampianatra sy mpanabe, dia tsy maintsy ho toy izany ihany koa no fijery ireto mpampiofana any amin'ireo toby fanofanana roa ireo. Misy lesoka ve izany ny fanofanana ireo zandary sy polisy ? hany ka mihena na hita ho mirefarefa mihitsy aza ny haavo lentan'ny toe-tsain'ireo am-perin'asa. Hitarika fahapotehan'ny firenena izany raha tsy voatsabo haingana. Na ireo mpianatra amin'ny fianarana ankapobeny, na ireo any amin'ny zandary sy polisy, na miaramila ihany koa aza, dia ireo no andry iankinan'ny hoavin'ity firenena ity, ka andraikitra goavana izany. Miankina amin'ireo ny hahasoa sy hahatsara ny firenena ary hahavanona ny taranaka any aoriana, ka tsy maintsy jerena ifotony ny olana sy ny vahaolana ao anaty fotoana fohy, fa tsy andrasana ela intsony. Mangaika ny olom-pirenena ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), hidinika ny amin'izany seha-panabeazana izany. Efa nisy dinika santatra nataony ny volana aprily 2023. Tsy maintsy mbola tohizana izany. Miandry ny fijoroan'ny olom-pirenena sy ny fiarahamientana aminy. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

Vokatra letchi

# Hanomboka ny 20 novambra ho avy izao ny taom-piotazana

Hanomboka ny 20 novambra ho avy izao ny taom-piotazana letchi eto Madagasikara, voankazo fanondrana sy hamidy eto an-toerana ihany koa. Ny volana novambra toy izao tokoa no vokatra ny letchi amin'ny faritra misy izany eto amintsika dia any amin'ny faritra atsinanan'ny Nosy manontolo iny, avy any Atsimo ka hatrany avaratra. Raha ny vokatra aondrana amin'izy ity dia manenjika ny tsena any ivelany amin'ny fiafaran'ny taona izao izany, toy ny mankany Eoropa indrindra indrindra. Na mafana aza ny andro ankehitriny, mirotsaka ihany ny orana, ka heverina fa ho ampy tsara ny fahamasahana sy ny habetsahan'ny vokatra amin'ity taom-pamokarana ity. Mba tsy ho gaboraraka ihany koa ny fanangonam-bokatra, sy ny fivarotana izany ary ny fanondrana azy.

***Aly***




***Letchi, anisan'ny vokatra eto amintsika.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 449**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0448)

*Mitsivalana*
- Manoroka
- Avy
- Ilaozana
- Maria – AN
- BOA – Neny
- Kianja
- Hao – soa (miv)

*Mitsangana*
- Maimbo
- Lao
- Niaraka
- Ol – lo
- Razana
- Ova – Ena
- Kinanjo
- Saina (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 449




**Mitsivalana**

**1.** Firavaka – Naoty **2.** Zava-maniry – Lavon'ny toaka (miv) **3.** Notapahina, nolaniana **4.** Midaboka, mianjera (miv) – Tampisaka **5.** Hita ao amin'ny alamo – Làlam-pirenena **6.** Foto-tenin'ny atrehina **7.** Didim-poitra **8.** Taova – Azo amin'ny vorona **9.** Be taona **10.** Tanàna malaza – Matoanteny

**Mitsangana**

**A.** Fitafiana manja **B.** Marika – Karazana valizy (miv) **D.** Valam-parihy hoy ny tantara **E.** Omby (miv) – Marina – Renintsoratra mitovy **F.** Lany tanteraka – Mpanondro **G.** Tovona (miv) – Doro tanety (miv) **H.** Hita ao amin'ny laoka – Sokatra tsy misy lohany **I.** Tovona – Volana maro (miv) **J.** Lio – Ariary – Sakoroka (BR) **K.** Tsiahy – Menaka

### Valiny Teny mifanaraka 0448

**Mitsivalana**

**1**. Milaza - Osa **2**. Hova (miv) - Elo (miv) **3**. Matio - Ario **4**. Avotra **5**. Irahinao **6**. Dina - Anosy (miv) **7**. Roa - Ma - Sa **8**. (F)it(o) - Mahitsy **9**. Variana **10**. Adino - Lafo

**Mitsangana**

**A** Mamandrika **B**. Vavy (miv) - Toy (miv) **D**. Lotoina - VI **E**. Ahitra - Man **F**. Ora - Maro **G**. Ao - Ahiady **H**. Là(lana) - Si (miv) - Lay (miv) **I**. Antsonareo (miv) **J**. Fasana (miv) **K**. Avokoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

Hetsika am-pilaminana nataon'ny vondron'ny kandidà omaly tetsy Mahamasina.









Nitifitra sy nandefa baomba mandatsa-dranomaso anefa avy eo ireo herim-pamoretana.





Fisamboarana nataon'ireo herim-pamoretana ny depiote Fetra teo Mahamasina.



